

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

Antanimieram-pirenena

**LOI n° 99-014**

**autorisant la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 06 avril 1999  
entre la République de Madagascar et l'Association Internationale  
de Développement relatif au financement du Projet de Fonds  
d'Intervention pour le Développement III - FID III  
(Crédit N°3180-0-MAG)**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Suivant Accord de Crédit en date du 06 avril 1999, la République de Madagascar a contracté auprès de l'Association Internationale pour le Développement un crédit équivalent à DIX MILLIONS SEPT CENT MILLE EN DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (10.700.000 DTS).

Ce crédit est destiné à financer le Projet Fonds d'Intervention pour le Développement III (FID III).

**I - OBJECTIFS DU PROJET :**

S'inscrivant toujours dans le cadre du programme de lutte contre la pauvreté, les objectifs du présent projet sont semblables au précédent Projet FID II, car le Projet FID III, généralement, apporte des fonds complémentaires au Projet FID II.

Ces objectifs sont :

- 1) l'amélioration de l'accès des populations rurales pauvres aux infrastructures sociales et économiques ;
- 2) la création d'emplois ;
- 3) l'amélioration des capacités du secteur privé : petites entreprises, artisans, ONG ;
- 4) l'amélioration de la capacité des Communautés de base et des communes à identifier et mettre en œuvre des projets répondant à leurs besoins et en vue d'un développement économique et social décentralisé.

## **II - DESCRIPTION DU PROJET :**

Le projet comprend les parties suivantes :

Fourniture de ressources financières au FID pour le financement des Sous-Projets suivants dans chacune des six Provinces :

- a) construction et remise en état de l'infrastructure de base (notamment écoles, centres de santé, ouvrages d'alimentation en eau, petits périmètres irrigués, marchés, routes rurales et petits ponts), et réalisation d'activités relatives au reboisement et à la protection de l'environnement ; et
- b) programmes d'appui au secteur privé, y compris des programmes de formation à l'intention des petites entreprises et des bureaux d'études, et promotion des groupes communautaires, des collectivités décentralisées et des ONG locales.

L'achèvement du Projet est prévu le 30 Juin 2001.

## **III - CONDITIONS FINANCIERES DU PRET :**

- **Montant** : DIX MILLIONS SEPT CENT MILLE EN DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (10.700.000 DTS).
- **Durée totale** : 40 ans dont 10 ans de différé.
- **Remboursement du principal** : par échéances semestrielles payables le 15 juin et le 15 décembre à compter du 15 juin 2009, la dernière échéance étant payable le 15 décembre 2038.
- **Commission d'engagement** : (due sur le principal du crédit non retiré)  
Taux fixé par l'Association le 30 juin de chaque année, mais ne dépassant pas le taux de un demi de un pour cent (1/ 2 de 1%) par an, payable le 15 juin et le 15 décembre de chaque année.
- **Commission de services** :  
Taux annuel de trois quart de un pour cent (3/4 de 1%) sur le principal du crédit retiré et non encore remboursé payable semestriellement le 15 juin et le 15 décembre de chaque année.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la constitution "... la ratification ou l'approbation de traités... qui engagent les finances de l'Etat... doit être autorisée par la loi ”.

Tel est, l'objet de la présente loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

**ASSEMBLEE NATIONALE**  
Antanimieram-pirenena

**LOI n° 99-014**

**autorisant la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 06 avril  
1999 entre la République de Madagascar et l'Association  
Internationale de Développement relatif au financement du Projet  
de Fonds d'Intervention pour le Développement III (FID III)  
(Crédit N°3180-0-MAG)**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 02 juillet 1999, la Loi dont la teneur suit :

**ARTICLE PREMIER** : Est autorisée la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 06 avril 1999 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Projet de Fonds d'Intervention pour le Développement III (FID III) - (Crédit N°3180-0-MAG), d'un montant de DIX MILLIONS SEPT CENT MILLE EN DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (10.700.000 DTS).

**ARTICLE 2** : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 02 juillet 1999.

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,  
LE SECRETAIRE,**

**ANDRIANARISOA** *Ange Christophe F.*

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

-----

**ASSEMBLEE NATIONALE**

Antenimieram-pirenena

-----

**LALANA LAHARANA FAHA-99-014**

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny 06 Avrily 1999 ifanaovan'i Repoblikan'i Madagasikara sy Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny FANOHANANA ARA-PAMATSIAM-BOLA ny Tetik'asa “ Tahiry Irotsahana an-tsehatra amin'asa Fampandrosoana ”  
(Fonds d'Intervention pour le Développement III - FID III - (Crédit N°3180-0-MAG)

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Araka ny Fifanarahana Fampisamboram-bola nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) tamin'ny 06 Avrily 1999, ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia nitrosa vola izay mitentina FITO HETSY SY FOLO TAPITRISA DTS (10.700.000 DTS).

Izany trosa izany dia natokana ho famatsiana ny Tetik'asa “ Fonds d'Intervention pour le Développement III (FID III)

**I - TANJONA :**

Ao anatin'ny Fanohanana ny fandaharan'asa iadiana amin'ny fahantrana, ny tanjon'ity tetik'asa ity dia mitovy amin'ny Tetik'asa FID II teo aloha ihany, satria ny FID III, amin'ny ankapobeny, dia manampy ny tahirin'ny Tetik'asa FID II.

Ireo tanjona ho kendrena dia :

- 1) ny fampivoarana ireo mponina eny ambanivohitra izay hita fa osa

- amin'ny fotodrafitr'asa ara-tsosialy sy ekonomika ;
- 2) ny famoronana asa ;
  - 3) ny fampivoarana ny fahafaha-manaon'ny “secteur privé”, ny orin'asa madinika, ny mpanao asa-tanana ary ny Fikambanana tsy miankina ;
  - 4) ny fampivoarana ny fahafaha-manaon'ny fikambanana fototra sy ny kaominina mba hahafantarany sy hanaovany ireo tetik'asa ilainy mba hisian'ny fanapariahan'ny fampandrosoana ara-ekonomika sy sosialy.

## **II - TOETOETRY NY TETIK'ASA :**

Ny tetik'asa dia misy fizarana toy izao manaraka izao :

Fampitaovana ara-bola ny FID ho famatsiana ireto tetik'asa manaraka ireto manerana ny Faritany enina :

- a) fanamboarana sy famerenana amin'ny laoniny ny fotodrafitr'asa (anisan'izany ny sekoly, ny tobim-pahasalamana, ny fanamboarana ny famatsian-drano fisotro, ny tambajotra, ny tsenana, ny lalana eny ambanivohitra sy ny tetezan-kazo) ary ny fanatanterahana ireo asa mikasika ny fambolena-kazo sy ny fiarovana ny tontolo iainana ; ary
- b) fandaharan'asa ho amin'ny fanohanana ny sehatra tsy miankina, ao anatin'izany ny fanofanana ireo orin'asa madinika sy salantsalany sy ny “ bureaux d'études ”, ary fanandratana eo amin'ny toerana sahaza azy ny fikambanana, ny vondrom-paritra mahefa ary ny fikambanana tsy miankina eto an-toerana.

Ny fahavitan'ny Tetik'asa dia amin'ny 30 Jiona 2001.

## **III - FEPETRY NY FAMPIDRAMAM-BOLA :**

- **Vola notrosaina** : FITO HETSY SY FOLO TAPITRISA DTS (10.700.000 DTS).
- **Faharetan'ny famerenam-bola** : 40 taona, ao anatin'izay ny 10 taona tsy andoavana.
- **Famerenana ny renivola** : isaky ny enim-bolana, ka aloa ny 15 Jiona sy ny 15 Desambra manomboka ny 15 Jiona 2009 ; ny fandoavam-bola farany dia ny 15 Desambra 2038.
- **Tambim-panekena (Commission d'engagement)** : Ampahany noferan'ny Fikambanana ny 30 Jiona isan-taona, nefa tsy mihoatra ny iray isan-jato isan-taona ny ampahany, aloa ny 15 Jiona sy ny 15 Desambra isan-taona.
- **Tambiny amin'ny fampiasam-bola (Commission de services)** : Ampahany telo ampahefatra ny iray isan-jato (3/4 ny 1%) isan-taona amin'ny renivola nalaina ka mbola tsy voaefa ary aloa isaky ny enim-bolana ny 15 Jiona sy ny 15 Desambra isan-taona.

Araka ny voalazan'ny Andininy faha-82, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : “ ... ny fankatoavana ny fifanarahana izay mampiditra andraikitra hoefaina amin'ny volam-panjakana... dia tokony omen-dàlana

amin'ny alalan'ny lalàna... ”.

Izany sy izany no antonanton'izao lalàna izao.



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

-----  
**ASSEMBLEE NATIONALE**

Antenimieram-pirenena  
-----

**LALANA LAHARANA FAHA-99-014**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny 06 Avrily 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampanandrosoana (IDA) momba ny FANOHANANA ARA-PAMATSIAM-BOLA ny Tetik'asa “ Tahiry Irotsahana an-tsehatra amin'asa Fampanandrosoana ” (Fonds d'Intervention pour le Développement III - FID III) - (Crédit N°3180-0-MAG)**

-----

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny 2 Jolay 1999 izao lalàna manaraka izao :

**ANDININY VOALOHANY :** Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 06 Avrily 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampanandrosoana (IDA) momba ny FANOHANANA ARA-PAMATSIAM-BOLA ny Tetik'asa “ **Tahiry Irotsahana an-tsehatra amin'asa Fampanandrosoana** ” (Fonds d'Intervention pour le Développement III - FID III) - (Crédit N°3180-0-MAG), izay mitentina FITO HETSY SY FOLO TAPITRISA DTS (10.700.000 DTS).

**ANDININY 2 :** Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-2 Jolay 1999.

**NY SEKRETERA,**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,**

**ANDRIANARISOA** *Ange Christophe F.*

---

**faha-3180-0-MAG**

**Fampisamboram-bola laharana**

**Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana**

(Tetikasa fahatelo momba ny Tahiry ara-tsosialy)

ifanaovan'ny

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

sy ny

**FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY  
FAMPANDROSOANA**

Tamin'ny 6 Aprily 1999

DIKAN-TENY TSY OFISIALY AMIN'NY  
MATOAN'NY RIJAN-TENY ANGLISY  
IZAY HANY TOKANA ITOKIANA

FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA  
FAHA-3180-0-MAG

**FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA  
HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA.**

Fifanarahana tamin'ny 6 aprily 1999, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara (ny Mpisambotra) sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana (ny Fikambanana).

SATRIA A) ny Mpisambotra, rahefa nahatsapa fa azo tontosaina sy manana laharam-pahamehana ny Tetikasa voalazalaza ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao, dia nangataka tamin'ny Fikambanana handray anjara amin'ny famatsiam-bola azy ;

SATRIA B) ny Tetikasa dia ho tanterahin'ny Tahiry Irotsahana antsehatra amin'asa Fampandrosoana (FID) ombàn'ny fanampiana avy amin'ny Mpisambotra ka, araka ny voafaritry anatin'izany fanampiany izany, dia hatolotry ny Mpisambotra hampiasain'ny FID ny tahiry avy amin'io Fampisamboram-bola io toa ny voasoritry ato amin'ity Fifanarahana ity ; ary

SATRIA neken'ny Fikambanana, indrindra indrindra taorian'ny zava-boalaza etsy aloha ny hanome ny Mpisambotra ny Fampisamboram-bola araka ny fepetra soritan'izao Fifanarahana izao sy ny Fifanarahana momba ny Tetikasa androany androany nifanaovan'ny Fikambanana sy ny FID ;

SATRIA ny Fikambanana dia naharay avy amin'ny Mpisambotra

taratasy tamin'ny .....1999, fanamafisana ny ankibolana raisiny anatin'ny rakiteny amin'ny politika mikasika ny fanamaivanana ny fahantrana tamin'ny 28 Jolay 1995 mamahavaha ny fandaharanasa imasoany, ny tanjona ary ny politika hoenti-manamaivana ny fahantrana eran'ny tanim-pirenen'ny Mpisambotra (ny Fandaharanasa) sy manambara ny fahavononany hanatanteraka ny fandaharanasa ;

Noho ireo antony ireo, dia mifanaiky ny amin'izao manaraka izao ny andaniny sy ankilany voakasik'ity Fifanarahana ity :

### ANDININY VOALOHANY

Fepetra ankapobeny ; Famaritana ny hevi-teny

**Sokajy 1.0.1. Ny “ Fepetra Ankapobe Ampiharina amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola momba ny Fampandrosoana ” ohatran'ny Fikambanana, tamin'ny 1 janoary 1985 (ombàn'ny fanovana nitranga hatramin'ny 2 desambra 1997, nasiam-panovàna toy izao manaraka izao, dia anisan'ny aiditra tanteraka anatin'izao Fifanarahana izao :**

**a) Misy andalana iray vaovao faha-12, izay toy izao no amakiana azy,atao fanampin'ny sokajy 2.01, sy ireo andalana ankehitriny faha-12 hatramin'ny faha-14 amin'io Sokajy io dia omen-daharana indray noho izany ka lasa andalana faha-13 hatramin'ny faha-15 :**

**“ 12. Ny hoe “ Firenena Mpandray anjara ” dia manondro ny firenen-  
drehetra heverin'ny Fikambanana fa mahafeno ny fepetra voasoritra ny  
Sokajy 10 amin'ny Fanapahan-kevitra faha-183 nataon'ny Filankevitry ny  
Governoran'ny Fikambanana, tamin'ny 26 jona 1999 ;  
ary ny hoe “ ireo  
Firenena Mpandray anjara ” dia manondro ny fitambaramben'ireny Firenena  
ireny . ”**

**b) Ny fehezanteny faharoa amin'ny Sokajy 5.01 dia asiampanovàna ary toy izao no amakiana azy :**

**“ Afa-tsy raha hafa no ifanarahana'ny Fikambanana sy ny Mpisambotra, dia tsy misy mihitsy ny famoaham-bola azo atao: a) amin'ny fandaniana atao eran'ny tanin'ny Firenena iray izay tsy anisan'ny Firenena Mpandray anjara na anefana ny vidin'entana vokarin'izany tany izany, na fisahanan-draharaha avy aminy ; na b) amin'ny fandoavam-bola amin'olon-tsotra na fikambanana, na amin'izay rehetra fanafaran'entana raha fantatry ny Fikambanana fa voarara ireny noho ny fanapahana noraisin'ny filan-kevi-pilaminan'ny Firenena Mikambana araka ny Toko VII amin'ny Dinan'ny Firenena Malagasy . ”**

**Sokajy 1.02. Afa-tsy raha toa mitaky fisainan-kevitra hafa ny fibangoana ny to-draharaha dia ny hevi-teny soritan'ny Fepetra Ankapobe sy ny Savaranonandon'ity Fifanarahana ity no andraisana ny voalaza ao anatin'izany Fepetra Ankapobe sy Savaranonando izany.**

**Ankoatr'izany, ny teny sy fanafomezan-teny manaraka etoana dia midika toy izao :**

**a) ny hoe “ Mpisitraka ” dia enti-manondro vatantenan'olona, vondron'olona vondron-draharaha izay nomena fanampiana ;**

**b) ny hoe “ Filan-kevi-pitondrana ” dia enti-manondro ny Filankevi-pitondrana voalazan'ny andalana 1 amin'ny Tovana 2 amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa ;**

**c) ny hoe “ Fifanarahana ” dia enti-manondro ny fifanarahana tokony hifanaovan'ny Mpisambotra sy ny FID araka ny fepetra voalazan'ny sokajy 3.05 (a) amin'izao Fifanarahana izao, anatin'izany ny mety ho fanovana atao aminy, ary voafaoka amin'io hevi-teny io ihany koa ny mikasika ireo tovana rehetra amin'ny Fifanarahana ;**

**d) ny hoe “ Tale jeneraly ” dia enti-manondro ny Tale Jeneraly voalazan'ny andalana 2 (a) amin'ny Tovana 2 amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa ;**

**e) ny fanafomezan-teny hoe “ FID ” dia enti-manondro ny Tahiry Firotsahan'an-tsehatra amin'ny Fampanandrosoana, fikambanana tsy itadiavan-tombony notoavina fa fanasoavam-bahoaka, voajoro araka ny**

**hitsivolana laharana faha-60-133, ny didim-panjakana laharana faha-60-383 ary ny hitsivolana laharana faha-75-017 nataon'ny Mpisambotra ;**

**f) ny hoe “ Fanampiana ” dia enti-manondro ny fanampiana omena hamatsiana ny zandrinà-tetikasa ;**

**g) ny fanafuhezan-teny hoe “ ONG ” dia enti-manondro ny fikambanana tsy miankina amin'ny Governemanta ;**

**h) ny hoe “ Rakitenin'ny Soridalan-karahina ” dia enti-manondro ny soridàlana voalazan'ny sokajy 3.05 (a) amin'izao Fifanarahana izao, anatin'izany ny fanovàna mety hatao aminy, ary izany hevi-teny izany dia manondro ihany koa ny voalaza amin'ireo rehetra tovana sy fifanarahana famenon'ny voasoritra anatin'ny Tetikasa ;**

**i) ny hoe “ Kaonty aminà Tetikasa ” dia enti-manondro ny kaonty voalaza ao amin'ny Sokajy 3.04 amin'ity Fifanarahana ity ;**

**j) ny hoe “ Fifanarahana aminà Tetikasa ” dia enti-manondro ny fifanarahana androany androany nifanaovan'ny Fikambanana sy ny FID, anatin'izany ny fanovàna mety hatao aminy ary io andian-teny io dia manondro ihany koa ny tovana rehetra sy ny fifanarahana rehetra amenoana ny Fifanarahana aminà Tetikasa.**

**k) ny hoe “ Talem-paritra ” dia enti-manondro ny Talem-paritra voalazan'ny andalana 2 amin'ny Tovana 2 amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa ;**

**l) ny hoe “ Kaonty Manokana ” dia enti-manondro ny kaonty voalazan'ny Sokajy 2.02 amin'izao Fifanarahana izao ; ary**

**m) ny hoe “ Zandrinà Tetikasa ” dia enti-manondro ny zandrinà-tetikasa amin'Ampahany A amin'ny Tetikasa izay tokony ho vatsiam-bola amin'ny alalan'ny Famatsiam-bola.**

## Ny Fampisamboram-bola

**Sokajy 2.01 Manaiky ny Fikambanana hanome ny Mpisambotra, araka ny fepetra voasoritra na voalazan'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola momba ny Fampandrosoana, Fampisamboram-bola amin'ny lelavola samihafa mitovy sanda amin'ny fito hetsy sy folo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 10.700 000)**

**Sokajy 2.02 a) Ny tetibidin'ny Fampisamboram-bola dia azo alaina ao amin'ny Kaontin'ny Fampisamboram-bola araka ny fepetra voalazan'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao, hoenti-miatrika ny fandania natao (na raha manaiky izany ny Fikambanana, ny fandania mbola hatao) hanefana ny araka ny tokony ho izy amin'ny vidin'entana, saran'ny lahasa ary fisahanan-draharaha ilaina amin'ny fanatanterahana Tetikasa voalazalaza ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao ary ho vatsiam-bola amin'ny alalan'ny Fampisamboram-bola.**

**c) Ho fanatontosana ny Tetikasa dia azon'ny Mpisambotra atao ny manokatra sy mitana kaonty manokana an-tahiry amin'ny lelavola Dollars any amin'ny bankim-barotra aminà fepetra heverin'ny Fikambanana fa maha-afa-po, ka anatin'izany ny fiarovana saha ny tsy hisian'ny fitakian-tsetriny na fanagiazana rehetra, na tsatoka rehetra. Ny tahiry ao amin'ny Kaonty Manokana sy ny fandoavam-bola avy amin'ny alalan'io Kaonty Manokana io dia voafehin'ny fepetra soritan'ny Tovana 4 amin'izao Fifanarahana izao .**

**Sokajy 2.03. Ny Vaninandro Famaranana dia ferana ho ny 31 desambra 2001 na amin'ny vaninandro hafa aoriany soritan'ny Fikambanana ary nampahafantarina haingana ara-potoana ny Mpisambotra.**

**Sokajy 2.04. a) Ny Mpisambotra dia mandrotsaka amin'ny Fikambanana tambim-pandraiketana ny fandania amin'ny tontaliben'ny vola notrosaina tsy mbola nalaina, amin'ny sandany izay feran'ny Fikambanana ny 30 jona isaky ny taona diavina kanefa tsy mihoatra ny antsasaky ny iray isan-jato (1/2 ny 1 % ) isan-taona.**

**b) Ny tambim-pandraiketana ny famoaham-bola dia manankery : i) manomboka amin'ny vaninandro migadona enimpolo andro**



aorian'ny vaninandro entin'ity Fifanarahana ity (vaninandro mampanankery azy) ka hatramin'ny vaninandro izay nakan'ny Mpisambotra vola tao amin'ny Kaonty Fampisamboram-bola avy, na nanafoanana izany ; ary ii) amin'ny sanda ferana ny 30 jona mialoha avy hatrany ny vaninandro ananany hery na amin'ny sandany hafa izay hoferana any aoriana araka ny andalana (a) etsy ambony. Ny sanda izay ferana ny 30 jona isan-taona dia ampiharina manomboka amin'ny vaninandro anaovana ny fandrotsaham-bola manaraka amin'ilay taona, araka izay voalazan'ny Sokajy 2.06 amin'ity Fifanarahana ity.

d) Ny tambim-pandraiketana ny famoaham-bola dia arotsaka : i) amin'ny toerana izay azon'ny Fikambanana angatahina anaovana izany araka ny tokony ho izy ; ii) tsy misy fameperana, na inona na inona karazany, ampizakain'ny Mpisambotra manerana ny tanim-pirenen'ny ny Mpisambotra ; ary , iii) amin'ny lelavola voalazan'izao Fifanarahana izao mba ho fampiharana ny Sokajy 4.02 amin'ny Fepetra Ankapobe, na amin'ny lelavola hafa rehetra fanakalo mety ho tondroina na isafidianana araka ny fepetra voalazan'ity Sokajy ity

Sokajy 2.05. Ny Mpisambotra dia mandrotsaka amin'ny Fikambanana tambim-pisahanan-draharaha amin'ny sandany mira telo ampahefatra ny iray isan-jato (3/4 amin'ny 1%) amin'ny tontaliben'ny vola notrosaina efa nalaina nefa tsy mbola nonerana.

Sokajy 2.06 . Ny tambim-pandraiketana ny famoaham-bola sy fisahanan-draharaha dia aloa isaky ny enim-bolana, ny 15 jona sy ny 15 desambra isan-taona.

Sokajy 2.07. a) Tsy tohinina ny voalazan'ny andalana (b) sy (d) manaraka etoana, fa ny Mpisambotra dia hanonitra ny tontaliben'ny vola notrosaina isaky ny enim-bolana , efainy ny 15 jona sy ny 15 desambra , manomboka ny 15 jona 2009, ka ny fara-fandoavam-bola dia ny 15 desambra 2038. Ny fandoavam-bola tsirairay avy, hatramin'ny an'ny 15 desambra 2018, dia mira ny iray isan-jato (1%) amin'io tontaliben'io ary ny fandoavam-bola aty aoriana dia mira ny roa isan-jato (2%) amin'izany ihany.

b) Isaky i) ny ambony noho ny farafahabetsahany ahazomisitraka amin'ny loharanom-bolan'ny Fikambanana izay feran'ny Fikambanana isan-taona ny Harim-pirenena Faobe isan'olona ao amin'ny Firenena Mpisambotra ; ary ii) isaky ny heverin'ny Banky fa manan'amby ampy am-pelatanana ny Mpisambotra ahafahany mindram-bola amin'ny Banky, dia azon'ny Fikambanana atao ny manova ny

**fombafomba fandoavam-bola amin'ireo andro voalaza etsy amin'ny andalana (a) etsy ambony, rahefa voadinidini-ireo Mpihevi-draharaha ao amin'ny Fikambanana sy omban'ny faneken'ny raha vantany vao voalanjalanjany ny lentan'ny fandrosoana ara-toekaren'ny Mpisambotra, ka :**

**A) angatahiny ny hanoneran'ny Mpisambotra avo roa heny amin'ny vola fandoa tsirairay avy mbola tsy azo takiana mandrapanonerana ny tontaliben'ny bola notrosaina ; ary koa**

**B) angatahiny ny hanombohan'ny Mpisambotra mamerina ny tontaliben'ny vola notrosaina manomboka amin'ny fandoavam-bola voalohany isan'enim-bolana voalazan'ny andalana (a), etsy ambony izay migadona enim-bolana na mihoatra aorian'ny vaninandro nampahafantaran'ny Fikambanana ny Mpisambotra fa efa natao ireo zava-boalazan'ny andalana (b) ; na izany aza dia hisy fepotoana dimy taona farafahakeliny anomezana famindram-po. alohan'io fanonerana ny tontalibeny io.**

**c) Raha mangataka izany ny Mpisambotra , dia azon'ny Fikambanana atao ny mandinika indray ny fanovàna voalaza ao amin'ny andalana (b) etsy ambony hanoloana manontolo na amin'ny ampahany ihany ny fanondrotana ny habetsahan'ireo vola fandoa ireo amin'ny alalan'ny zanabola misanda isan-taona amin'izay ifanarahana amin'ny Fikambanana, miankina amin'ny tontaliben'ny vola notrosaina efa nalaina nefa tsy mbola nonerana raha toa, araka ny hevitra ny Fikambanana, ka tsy manova velively ny maha-fanomezana azy ny fanovana ny fepetra fanoneram-bola voalaza etsy ambony.**

**d) Raha toa ny Fikambanana mahatsikaritra fa nitotongana kely ny toe-draharaha ara-toekarena ao amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona aorian'ny nanovàna ny fepetra fanoneram-bola araka ny andalana (b) etsy ambony, dia azon'ny Fikambanana ovàna indray ny fepetra fanoneram-bola, araka ny fangatahan'ny Mpisambotra, mba ho voahaja ny figadonam-potoana voalaza ao amin'ny andalana (a) etsy ambony.**

**Sokajy 2.08. Ny lelavola fampiasa any Etats-Unis d'Amérique no tondroin'izao Fifanarahana izao amin'ny fampiharana ny Sokajy 4.02 ao amin'ny Fepetra Ankapobe.**

**Sokajy 2.09. Ny FID no solontenan'ny Mpisambotra eo amin'ny fakàna ny fepetra rehetra ilaina na azo raisina araka ny fepetra**

**voalazan'ny Sokajy 2.02 amin'izao Fifanarahana izao sy ny Andininy V ao amin'ny Fepetra Ankapobe.**

### ANDININY III

#### Fanatanterahana ny Tetikasa

**Sokajy 3.01. a) Ny Mpisambotra dia manambara fa manaiky tanteraka ny zava-kinendrin'ny Tetikasa araka izay anoritana izany ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao, ary amin'izany dia tandrovan'ny hanefan'ny FID, araka ny fepetra voalazan'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa, ny adidy aman'andraikitra rehetra iantsorohany noho io Fifanarahana io, raisiny na tandrovan'ny handraisana ny fepetra rehetra, anatin'izany ny famononana vola, tsangan'asa, fisahanan-draharaha ary loharanom-bola hafa, ilaina na saha izany ahafahan'ny FID manefa ireo adidy aman'andraikitra ireo ; izany anefa, tsy manohintohina ireo adidy aman'andraikitra hafa zakainy izao Fifanarahana izao. Ankoatr'izany, ny Mpisambotra dia tsy mandray na mamela ny handraisana fepetra mamingampingana na manakantsakana ny fanatanterahana ireo adidy aman'andraikitra ireo.**

**b) Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny andalana (a) amin'izao Sokajy izao ary raha tsy hoe hafa ny ifanarahan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana, dia tandrovin'ny Mpisambotra ny hanatanterahan'ny FID ny tetikasa araka ny Fandaharanasampanatanterahana azy izay hita ao amin'ny Tovana 3 amin'ity Fifanarahana ity.**

**Sokajy 3.02. Raha tsy hoe hafa no ifanekena amin'ny Fikambanana, dia voafehin'ny fepetra voalazan'ny Tovana 1 amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa ny fandraiketana fifanaraham-barotra momba ny famononan'entana sy ny lahasa ary ny fifanekena fisahanan-draharaha ataon'ny mpanolo-kevitra ilaina ho amin'ny Tetikasa ary tokony hovatsiam-bola avy amin'ny Fampisamboram-bola .**

**Sokajy 3.03. Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny Andininy IX ao amin'ny Fepetra Ankapobe, ny Mpisambotra dia mandray fepetra na mitandro ny handraisan'ny FID fepetra, mba :**

a) hanomanana sy hampahafantarana ny Fikambanana raha ela indrindra enim-bolana (6) aorian'ny Vaninandro Famaranana, na amin'ny andro manaraka aty aoriana ifanarahan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana amin'izany, drafitra iray izay noferan'ny Fikambanana ampiheverana tsara ny zavatra voasahany sy ny fiambaratongan'ny antsipiriany mba hoenti-mitrandraka amin'ny ho avy ny Tetikasa ;

b) hanomezana ny Fikambanana fahafahana hifanakalo hevitra araka ny tokony ho izy amin'ny Mpisambotra mikasika io drafitra io, ary

c) manaraka izany, hanatanterahana io drafitra io amimpahamalinana sy fikatsaham-pahombiazana ary araka ny fomba fiasa mifanentana amin'izany, ka tandroana ny fanamarihana naroson'ny Fikambanana mikasika io drafitra io.

Sokajy 3.04. Ny Mpisambotra sy ny Fikambanana dia mifanaiky arak'izao Fifanarahana izao, fa hotontosain'ny FID ny adidy aman'andraikitra voalaza ao amin'ny Sokajy 9.03, 9.04, 9.05, 9.06, 9.07 ary 9.08 amin'ny Fepetra Ankapobe (mikasika avy, ny fiantohana, ny fampiasana ny kojakoja sy ny fisahanan-draharaha, ny drafitra sy ny fanondroanandro, ny bokim-bola sy ny tatitra, ny fikojakojana sy ny fividianana tany) araka ny fepetra voalazan'ny sokajy 2.03 ao amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa.

Sokajy 3.05. a) Ny Mpisambotra sy ny FID dia mifandraikitra (lazaina manaraka etoana hoe ny Fifanarahana) izay amindrana amin'ny FID ny tontaliben'ny tahiry Fampisamboram-bola ho zary fanomezana sy aminà fepetra heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, izany dia hahitana, indrindra indrindra, nefa tsy ireo fotsiny ihany ny fepetra manaraka etoana :

i) ny tetibidiny voatokana amin'ireo zandrinà-tetikasa dia ampiasaina manokana fotsiny amin'ny famatsiam-bola ny zandrinà-tetikasa, atao ho fanomezana ;

ii) ny zandrinà-tetikasa dia tsy ekena hisitraka amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny Tetikasa raha tsy mifanaraka amin'ireo fahatra ahazoa-misafidy azy, ary koa amin'ireo fepetra soritan'ny Rakitenin'ny Paika arahina lany eran'ny FID sy notoavin'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana ;

iii) ny fitaovana sy fisahanan-draharaha ilaina amin'ny famatsiam-bola ny zandrinà-tetikasa dia vononona avy amin'ny alalan'ny fifanaraham-barotra raiketina araka ny paika heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, ary voasoritry ny Rakitenin'ny Paika arahina ;

iv) ny zandrinà-tetikasa dia tsy ekena hisitraka amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny Tetikasa raha tsy efa misy fepetra sahaza izany noraisina hoenti-mizaka ny fandaniana mikasika ny fikojakojana sy ny loloha hafa mifamomba aminy fanampiny ;

v) afa-tsy raha misy ny fankatoavan'ny Fikambanana, ny fanampiana dia tsy hihoatra A) ny 50.000 Dollars, na B) amin'izay mikasika ny Zandrinà-Tetikasa eo amin'ny sehatry ny fitaterana voalaza ao amin'ny Fizarana (a) amin'ny Tetikasa, ny 100.000 Dollars ; ary

vi) ny Zandrinà-Tetikasa dia tsy azo tanterahina amin'ny alalan'ny Tetikasa raha tsy misy ny fifanarahana nifanaovan'ny Mpisitraka aminy sy ny FID, izay manoritra ny adidy aman'andraikitry ny andaniny sy ankilany avy amin'izany fifanarahana izany, anatin'izany ny paika arahana amin'ny fandraiketana fifanarahana sy ny fanondroanandron'ny famoaham-bola mandeha amin'antsipiriany ary koa ny tetibidin'ny fandraisan'anjara-setriny mifanandrify aminy

b) Ny Mpisambotra dia hampiasa ny zo ampizakain'ny Fifanarahana azy hitandroana ny tombontsoan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana ary hahatontosana ny tanjona kinendry amin'ny Fampisamboram-bola ; ankoatr'izany, afa-tsy raha toa hafa no eken'ny Fikambanana, ny Mpisambotra dia tsy hanova na hanafoana ny Fifanarahana na ny iray aza amin'ny fepetra raketiny, tsy hamela handingana izany mihitsy, ary tsy hampisy famoizany na ny iray aza amin'ireo zo sy adidy aman'andraikitra mifandraika amin'izany.

Sokajy 3.06. a) Tsy tohinina ny adidy aman'andraikitra zakainy araka ny Sokajy 3.01 amin'izao Fifanarahana izao, fa ny Mpisambotra dia hanokatra, any amin'ny bankim-barotra sy aminà fepetra heverin'ny Fikambanana fa mahafa-po, Kaontin'ny tetikasa atao amin'ny lelavolan'ny Mpisambotra (tondroina manaraka etoana hoe Kaontin'ny Tetikasa), izay ho tsy maintsy ny FID no mitantana azy, ary anatin'io no androtsahany isam-potoana ny fandraisan'anjarany-setriny amin'ny famatsiam-bola ny Tetikasa.

b) Tandroviny ny Mpisambotra mba ho isan-telovolana dia manan'ampy ampy io Kaontin'ny Tetikasa io, na isak'izay hisian'ambiny mira ny ampahatelony raha be indrindra amin'ny petra-bola tam-boalohany, ka ny tanana dia ny migadona voalohany amin'ireo vaninandro roa ireo .

#### ANDININY IV

Famarafaran-teny mikasika ny fitantanam-bola

**Sokajy 4.01. Amin'ny fandaniahana rehetra isariham-bola avy amin'ny Kaontin'ny Fampisamboram-bola mifototra amin'ny filazalazana ny fandaniahana natao, ny Mpisambotra dia :**

a) mitàna na mampitàna, araka ny fomba fitanan-kaonty mahazatra sahaza izany, bokim-bola sy kaonty itanana an-tsoratra an'ireny fandaniahana ireny ;

b) mitahiry ny bokim-bola rehetra (fifanekena, fanafarana, filazambidy, taratasy voaray na singan-taratasy hafa) manamarina an'ireny fandaniahana ireny, mandritra ny herintaona ahay aorian'ny aharaisan'ny Fikambanana ny “ audit ” mikasika ny taom-piasana ara-pitantanam-bola nisariham-bola farany tao amin'ny Kaontin'ny Fampisamboram-bola ;

c) mamela ireo solontenan'ny Fikambanana handinika ireo bokim-bola ireo ; ary

d) manao izay hahatafiditra ireo kaonty sy bokim-bola ireo hohamarinin'ny “ audit ” isan-taona voalazan'ny Sokajy 4.01 ao amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa ary koa izay hisian'ny safidy miavaka arosan'ireo mpanao fanamarinana ireo ao anatin'ny tatitra momba io “ audit ” io, milaza raha azo ifaharana ny fitàna ny kaontin'ny fandaniahana tamin'io taom-piasana io sy ireo paika narahina sy fanarahamaso anatin'ny nampiasaina tamin'izany, mba hanamarinana ny fakàm-bola mifandraika aminy.

## ANDININY V

Vonjy maika avy amin'ny Fikambanana

**Sokajy 5.01. Mba hoenti-mampihatra ny Sokajy 6.02 (1) amin'ny Fepetra Ankapobe dia marihina manokana ihany koa ireto toe-javatra manaraka ireto :**

a) **nisy fitrangan-javatra izay niterak'ahiahy ny amin'ny fahatanterahan'ny Fandaharanasa na ny ampahany mavesa-danja ao amin'io Fandaharanasa io ;**

b) **Tsy nahatanteraka ny iray amin'ireo adidy aman'andraikitra iantsorohany araka ny Fifanarahana momba ny Tetikasa na ny Rakitenin'ny paika arahin' ny FID ;**

c) **Noho ny fisehoan-javatra taorian'ny vaninandro entin'ny Fifanarahana momba ny Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana, misy toe-draharaha hafa manokana miteraka ahiahy mitranga izay amin'ny tsy ahazoan'ny FID miantsooka ny adidy aman'andraikitra tokony ho tanterahiny araka ny Fifanarahana momba ny Tetikasa, ny Fifanekena na ny Rakitenin'ny paika arahina .**

**Sokajy 5.02. Ho fampiharana ny Sokajy 7.01 (h) amin'ny Fepetra Ankapobe, dia marihana manokana ireto toe-javatra manaraka ireto ; izany hoe n'inon'inona toe-javatra iray amin'ireo voasoritsoritra ao amin'ny andalana (b) ao amin'ny Sokajy 5.01 amin'izao Fifanarahana izao mitranga ka maharitra mandritra ny (60) andro mitohy aorian'ny nanaovan'ny Fikambanana fampahafantarana amin'ny Mpisambotra.**

## ANDININY VI

Vaninandro mampanan-kery azy ; Famaranana.

**Sokajy 6.01. Araka ny voalazan'ny Sokajy 12.01 (b) ao amin'ny Fepetra Ankapobe, ny fiantombohan'ny Fifanarahana momba ny Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana hanan-kery dia miankina ihany koa amin'ireto fepetra manaraka ireto: (a) ny Fifanarahana dia vita sonia amin'ny anaran'ny kaontin'ny Mpisambotra sy ny FID, ary (b) voapetraka ao amin'ny Kaontin'ny Tetikasa ny vola mitovy sanda amin'ny 100.000 Dollars.**

**Sokajy 6.02. Araka ny voalazan'ny Sokajy 12.02 (b) ao amin'ny Fepetra Ankapobe, ny fakan-kevitra momba ny lalàna na ireo fakan-kevitra momba ny lalàna omena ny Fikambanana dia tokony hisy ihany koa ireto manaraka ireto :**

**a) Ny Fifanarahana momba ny Tetikasa dia tena nomen-dàlana na nankatoavin'ny FID ary mampitambesatr'adidy tsy maintsy iantsorohan'ny FID araka ny fepetra raketiny ; sy**

**b) Ny Fifanarahana dia tena nomen-dàlana na nankatoavin'ny Mpisambotra sy ny FID ary mampitambesatr'adidy tsy maintsy iantsorohan'ny Mpisambotra sy ny FID araka ny fepetra raketiny.**

**Sokajy 6.03. Ny vaninandro migadona sivifolo (90) andro aorian'ny vaninandro entin'izao Fifanarahana izao dia soritan'izao Fifanarahana izao mba ho fampiharana ny Sokajy 12.04 ao amin'ny Fepetra Ankapobe.**

**Sokajy 6.04. Ny adidy aman'andraikitra iantsorohan'ny Mpisambotra araka ny voalazan'ny Sokajy 3.06 amin'izao Fifanarahana izao dia mitsahatra sy lany andro amin'ny vaninandro izay hifaranan'izao Fifanarahana momba ny Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana izao na manomboka amin'ny vaninandro migadona dimy ambin'ny folo andro aorian'ny vaninandro entin'ity Fifanarahana ity, ka ny tanana dia izay migadona voalohany amin'ireo vaninandro roa ireo.**



Fisolontoana ny Mpisambotra ; Adiresy

**Sokajy 7.01.** Tsy tohinina ny fepetra voalaza ao amin'ny Sokajy 2.09 amin'ity Fifanarahana ity, fa ny Minisitry ny Fitantanam-bola anatrehan'ny Mpisambotra no solontenan'ny Mpisambotra eo amin'ny fampiharana ny Sokajy 11.03 ao amin'ny Fepetra Ankapobe.

**Sokajy 7.02** Ny andiresy voalaza eto ambany dia soritana manokana amin'ny fampiharana ny Sokajy 11.01 amin'ny Fepetra Ankapobe :

**Avy amin'ny Mpisambotra :**

**Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena  
Antananarivo 101  
Madagasikara**

**Adiresy telegrafika :**

**Telex :**

**MINFIN : 22489  
Antananarivo**

**Avy amin'ny Fikambanana :**

**Fikambanana Iraisampirenena  
momba ny Fampandrosoana  
1818 H Street, N.W  
Washington, D.C.20433  
Etats-Unis d'Amérique**

**Adiresy telegrafika :**

**Telex :**

**INDEVAS**  
**Washington, D.C.**

**248423(RCA)**  
**82987(FTCC)**  
**64145(WUI) na**  
**197688(TRT)**

**Araka izany sy izany ny andaniny sy ankilany amin'ity Fifanarahana ity, tompon'antoka amin'ny alalan'ireo solontenany nomem-pahafana ara-dalàna amin'izany, dia nampanao sonia izao Fifanarahana izao tamin'ny anaran'izy ireo avy tao amin'ny Distrikan'i Columbia, Etats-Unis d'Amérique\*, ny andro sy taona voalaza etsy ambony.**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

**Zina ANDRIANARIVELO**

**Solontena**

**Mahefa**

**FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA**  
**MOMBA NY FAMPANDROSOANA**

**Callisto MADAVO**

**Filoha-lefitra**

**amin'ny Faritra**  
**Afrika**

---

**· Ny matoantsoratra ny rijan-tenin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola amin'ny teny anglisy no nosoniavina.**

## TOVANA 1

Fakàna vola ao amin'ny Tahiry Fampisamboram-bola

1. Ny tabilao eto ambany dia manondro ny Sokajin'ny fitaovana sy lahasa ary fisahanan-draharaha izay tokony ho vatsiana avy amin'ny alalan'ny Fampisamboram-bola, ny habetsahan'ny vola atokana ho an'ny Sokajy tsirairay ary ny isan-jaton'ny vola lany amin'ny lahasa, ny fitaovana na ny fisahanan-draharaha nahazoan-dàlana ny famatsiam-bola azy isan-tsokajy :

<b>fandaniana</b>	<b>Habetsahan'ny Vola</b>	<b>Isan-jaton'ny Natokana</b>
<b>Sokajy</b>	<b>( Lazaina amin'ny DTS )</b>	
<b><u>Vatsiam-bola</u></b>		
<b>1. Lahasa sy fitaovana amin'ny %</b>	<b>8.620.000</b>	<b>86</b>
<b>Zandrinà-tetikasa</b>		
<b>2. Fisahanan-draharahan'ny 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola</b>		<b>360.000</b>
<b>    vahiny sy 85% amin'ny fandaniana amin'ny volam-pirenena.</b>	<b>mpanolo-kevitra</b>	<b>sy fanofanana</b>
	<b>mikasika</b>	<b>zandrinà-Tetikasa</b>
<b>3. Fanohanana ara-teknika, 100% amin'ny fandaniana amin'ny vola</b>		<b>290.000</b>
<b>    vahiny sy 85% amin'ny fandaniana amin'ny volam-pirenena</b>	<b>“ audits ”</b>	<b>ary fanofanana</b>

<b>4.</b>	<b>Fitaovana, fiarakodia, fanaka</b>	<b>215.000</b>
	<b>100% amin'ny fandaniana amin'ny vola vahiny sy 90%amin'ny fandaniana amin'ny volam-pirenena</b>	<b>ary akora</b>
<b>5.</b>	<b>Saran'ny fampandehanan-90% draharaha</b>	<b>715.000</b>
<b>6.</b>	<b>Tsy voatokana</b>	<b><u>500.000</u></b>
	<b>TONTALINY</b>	<b>10.700.000</b> =====

**2. Ny zava-kinendry amin'ity Tovana ity :**

a) ny hoe “ fandaniana amin'ny vola vahiny ” dia enti-manondro ny fandaniana efaina amin'ny lelavolan'ny firenena hafa rehetra noho ny an'ny Mpisambotra amin'izay mikasika ny fitaovana na ny fisahanan-draharaha avy amin'ny tanin'izay rehetra firenena hafa noho ny an'ny Mpisambotra ;

b) ny hoe “ fandaniana amin'ny lelavolam-pirenena ” dia enti-manondro ny fandaniana atao amin'ny lelavolan'ny Mpisambotra na amin'ny fitaovana izany na fisahanan-draharaha avy amin'ny tanin'ny mpisambotra ; ary

c) ny hoe “ saran'ny lany amin'ny fampandehanan-draharaha ” dia enti-manondro ny ambony ampanga amin'ny vidiny efaina ao anatin'ilay Tetikasa anaovana ny karaman'ny mpandraharaha vita fifanekena amin'ny asa eo an-toerana ahitana ny mpiasa mpanohana, ny latsakemboka ara-tsosialy, ny saran'ny fivahiniana sy sakafo amin'ny fivezivezena mifandrohy amin'ny fanatontosana ny Tetikasa ; amin'ny fanofana sy fikojakojana ny fitaovana ; amin'ny solika, ny fikarakarana, ny kojakoja fanolo ary ny tokim-piantohana fiarakodia ; amin'ny fanofana sy fikojakojana ny birao sy ny akora ary ny fitaovana ; amin'ny

**kojakoja momba ny herin'aratra sy ny saram-pifandraisana ; ny vola aloa amin'ny banky ; ary ny taratasim-piantohana mikasika ny fananana sy fampitaovana ny FID.**

**3. Na eo aza ny fepetra voalazan'ny andalana 1 etsy ambony, tsy misy mihitsy vola azo alaina : a) ho an'ny zandrinà-tetikasa iray raha toa tsy notoavina araka ny paika arahina voatondro ao amin'ny andalana 3 amin'ny Tovana 2 amin'ny Fifanarahana momba ny Tetikasa io zandrinà-tetikasa io ; ary b) mba hanefana ny fandaniana natao talohan'ny vaninandro entin'ity Fifanarahana ity.**

**4. Ny Fikambanana dia afaka mangataka fa ny fakàna vola ao amin'ny Kaontin'ny Fampisamboram-bola dia hatao mifototra amin'ny filazalazana ny fandaniana mba hanefana ny fitaovana azo sy ny lahasa notanterahina taminà fifanaraham-barotra latsaka na mira 75.000 Dollars, ny fisahanan-draharaha notontosain'ny mpanolo-kevitra (birao mpanao fanadihadiana) nifandraiketana taminà fifanekena latsaka na mira 50.000 Dollars, ny fisahanan-draharaha notontosain'ny Mpanolo-kevitra (Mpanolo-kevitra isam-batan'olona) aminà fifanekena latsaka na mira 30.000 Dollars, ny saran'ny fampandehanan-draharaha sy ny fanofanana, araka ny fepetra nampahafantarin'ny Fikambanana tamin'ny Mpisambotra.**

## TOVANA 2

Famariparitana ny Tetikasa.

**Ny tanjona kinendry amin'ny Tetikasa dia ny hanamaivana ny fahantrana sy ny hampiroborobo ny fampandrosoana iombonambe amin'ny alalan'ny fanomezana loharanom-bola enti-manohana ny**

**zandrinà-tetikasa ahitan'ny vondrom-bahoaka tombontsoa.**

**Tsy tohinina ireo fanovàna mety hifanarahan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana atao amin'ny Tetikasa mba hahatrarana ireo tanjona ireo, ny Tetikasa dia ahitana ireto fizarazarana manaraka ireto :**

**Loharanom-bola ho an'ny FID mba hamatsiam-bola ireto Zandrinà-Tetikasa manaraka ireto any amin'ny faritany enina tsirairay avy ao amin'ny tanin'ny Mpisambotra :**

**a) fanorenana sy fanarenana ny fotodrafitrasa tena ilaina (indrindra ny sekoly, foibe fikarakaram-pahasalamana, famatsian-drano, faritra madinidinika tondrahan-drano, tsena, làlana eny ambanivohitra sy tetezana madinika), sy fanatanterahana ny asa mikasika ny fambolenkazo sy ny fiarovana ny tontolo iainana ; ary**

**b) fandaharanasa fanohanana ny seha-piharian-karena tsy miankina amin'ny Fanjakana, ao anatin'izany ny fandaharanasampanofanana ho an'ireo orinasa madinika sy ireo birao mpanao fanadihadiana, ary fampiroboroboana ny vondrom-pikambanana sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ny ONG eo an-toerana.**

**\* \* \***

**Ny famitàna ny Tetikasa dia novinavinaina ho amin'ny 30 jona 2001.**

### **TOVANA 3**

#### **Fandaharanasam-panatanterahana**

**1. Ny Filan-kevi-pitondrana no miandraikitra ny fanaraha-maso sy ny fanombanana ny lahasa vitan'ny FID, ary koa ny fifandraisana amin'ny Fikambanana sy ny mpamatsy vola hafa.**

2. Ampahafantariny ny Mpisambotra na ataony izay hampitan'ny FID any amin'ny Fikambanana, mba hodinihana na hotoavina, araka ny fisehoan-javatra :

a) farafahatarany ny 31 Oktobra isan-taona, ny vinavina momba ny fandaharan'asa isan-taona (PTA), ahitana indrindra ny vinavinan'ny tetibola sy ny drafi-pamatsiam-bola, amin'ny taom-piasana manaraka ;

b) ny tatitra momba ny fandroson'ny fanatanterahana ny Tetikasa isan-telovolana sy isan-taona mikasika ny fizotry ny Tetikasa, ahitana indrindra ny fanombanana isam-potoana ny fiantraikany amin'ireo misitraka aminy sy ny tatitra momba ny setrin'izany amin'ny mpisahan-draharaha ;

c) ny tatitra ilaina mikasika ny fanomezana fifanaraham-barotra amin'ny Tetikasa : ary

d) ny tatitra isan-telovolana mikasika ny fandraiketana fifanaraham-barotra, mampiseho amin'ny antsipiriany :

i) ny tokotokony ho tetibidiny nohavaozina mikasika ny fifanaraham-barotra samihafa amin'ny Tetikasa ;

ii) ny fanondroanandro nasiam-panovàna momba ny asa fandraiketana ny fifanaraham-barotra, amin'izay mikasika indrindra ny dokam-barotra, ny fitaomana hanao tolo-bidy, ny fitsinjarana ny fifanaraham-barotra sy ny vaninandro ahavitan'ny asa voafaritra anatin'ny fifanaraham-barotra ; sy

iii) ny fanajana ny fara-fahabetsahany ankapobeny voadidy arahina amin'ny fandraiketana fifanaraham-barotra sasantsasany, ary ny fepetra ao amin'ny Rakitenin'ny paika arahina.

3. a) Raha ela indrindra ny 30 Novambra 1999, ny Mpisambotra miaraka

amin'ny Fikambanana sy ny FID dia hanao fandinihana miaraka isan-taona

(na, raha amin'ny fandinihana tokony atao farafahelany ny 30 jona 2000,

dia fandinihana antenatenam-potoana) ny Tetikasa, ka mandritra izany no

anaovan'izy ireo fifanakalozan-kevitra ankapobe

**mikasika ny raharaha**

**rehetra mikasika ny firosoan'ny Tetikasa sy ny fomba izay hanefan'ny**

**Mpisambotra sy ny FID ny adidy aman'andraikitr'izy ireo avy amin'izao**

**Fifanarahana izao, ary indrindra manokana, amin'ny fivoarana tràn'ny**

**Mpisambotra sy ny FID mandritra ny fotoam-piasana voakasika, araka ireo**

**mari-panondroana fizohiana nifanarahan'ny Mpisambotra, ny Fikambanana**

**ary ny FID.**

**c) Fara-fahatarany iray volana mialoha ny fandinihana tsirairay, dia ampitain'ny**

**Mpisambotra amin'ny Fikambanana, hanaovany fanamarihana , ny tatitra**

**iray, zay ho faritan'ny Fikambanana araka ny tokony ho izy ny fiantsipiriany,**

**anondroana ny firosoan'ny Tetikasa sy ny toetoetrany ary anomezana ny**

**antsipiriany, indrindra manokana, mikasika ny raharaha samihafa tokony**

**hiadian-kevitra mandritra io fandinihana io.**

**d) Aorian'ny fandinihana tsirairay, ny Mpisambotra dia mandray an-tànana sy ao**

**anatin'ny fe-potoana faran'izay haingana, na manampy ny FID handray ny**

**fepetra rehetra fanitsiana heverina fa ilaina hanarenana ny lesoka rehetra teo**

**amin'ny fanatanterahana ny Tetikasa, mampihatra na manampy ny FID**

**amin'ny fandraisana ny fepetra hafa rehetra izay mety ifanarahan'ny andaniny**

**sy ankilany mba hahatanterahan'ny tanjona kinendrin'ny Tetikasa.**



## Kaonty Manokana

**1. Ny amin'ny zava-kinendrin'izao Tovana izao :**

a) Ny hoe “Sokajy ahazoan-dàlana” dia enti-manondro ny Sokajy (1) hatramin'ny (5) ao amin'ny tabilao ao amin'ny andalana 1 Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao ;

b) Ny hoe “Fandaniana ahazoan-dàlana” dia enti-manondro ny tokotokony ho saran'ireo kojakoja sy fisahanan-draharaha ilaina amin'ny fanatanterahana ny Tetikasa ka vatsiam-bola avy amin'ny Tahiry momba ny Fampisamboram-bola voatokana ho an'ny Sokajy nahazoan-dàlana araka ny fepetra voalazan'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao ; ary

c) Ny hoe “Tontalim-bola ahazoan-dàlana” dia enti-manondro ny habetsahan'ny vola mira 3.000.000 Dollars izay tokony alaina ao amin'ny Kaonty momba ny Fampisamboram-bola ary apetraka ao amin'ny Kaonty Manokana araka ny fepetra voalazan'ny andalana 3 (a) amin'izao Tovana izao. Ekena anefa, raha tsy hoe hafa no ifanarahana amin'ny Fikambanana, ny tontalim-bola ahazoan-dàlana tsy mihoatra ny 1.500.000 Dollars mandra-pahatrarany tontaliben'ny vola nalaina amin'ny Kaonty momba ny Fampisamboram-bola, miampy ny tontalim-bidin'ny fandraiketam-pandaniana manokana rehetra nataon'ny Fikambanana araka ny Sokajy 5.02 ao amin'ny Fepetra Ankapobeny, mitovy na mihoatra ny setribidin'ny 3.00.000 Droits de Tirages Spéciaux.

**2. Ny fandoavam-bola atao amin'ny alalan'ny Kaonty Manokana dia ampiasaina manokana ihany amin'ny fanefana ny fananiana nahazoan-dàlana araka ny fepetra voalazan'ity Tovana ity.**

**3. Aorian'ny naharaisan'ny Fikambanana ny singan-taratasy milaza amin'ny fomba heveriny ho maha-afa-po fa tena misokatra marina ny Kaonty Manokana, ny fakàna vola amin'ny Tontalim-bola Ahazoan-dàlana sy ny fakàna vola aty aoriana hoenti-manana indray ny Kaonty Manokana dia azo atao toy izao manaraka izao :**

a) Ny amin'ny fakàna vola ao amin'ny Tontalim-bola Ahazoan-dàlana ,ny Mpisambotra dia mampiseho amin'ny Fikambanana fangatahana petra-bola iray na maro ao amin'ny Kaonty Manokana hatramin'ny na ireo Tetin'ny tontalim-bola ahazoan-dàlana. Mifototra amin'io na ireo fangatahana ireo, no anaovan'ny Fikambanana ny

**fisariham-bola amin'ny anaran'ny Mpisambotra, ao amin'ny Kaonty momba ny Fampisamboram-bola ary ametrany ao amin'ny Kaonty Manokana ny ireo tontalim-bola nangatahan'ny Mpisambotra.**

**b) i) Ny amin'ny famononam-bola anatin'ny Kaonty Manokana dia omen'ny Mpisambotra ho an'ny Fikambanana ny fangatahana petra-bola ao amin'ny Kaonty Manokana, manandrify ny elanelam-potoana tondroin'ny Fikambanana.**

**ii) Mialoha na amin'ny fotoana anaovana izany fangatahana isanisany izany, ny Mpisambotra dia hanome ny Fikambanana ny tahirin-draharaha sy singan-taratasy fanamarinana hafa ilaina araka ny andalana 4 amin'izao Tovana izao mikasika ny famononam-bola nangatahina. Mifototra amin'ireny fangatahana tsirairay ireny no anaovan'ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny Mpisambotra ny fisariham-bola amin'ny Kaonty momba ny Fampisamboram-bola ary ametrany ao amin'ny Kaonty Manokana ny vola izay nangatahin'ny Mpisambotra ka manamarina fa nalaina tao amin'ny Kaonty Manokana mba hanefana ny fandaniahana nahazoan-dàlana izany tahirin-draharaha sy ny singan-taratasy hafa fanamarinana izany.**

**Ny Fikambanana dia hanao ny tsirairay amin'ireny fametraham-bola ireny avy amin'ny fisariham-bola amin'ny Kaonty momba ny Fampisamboram-bola amin'ny Sokajy nahazoan-dàlana avy, momba ny tetin'ny tontalim-bola nohamarinin'izany tahirin-draharaha izany sy ireo singan-taratasy fanamarinana hafa avy.**

**4. Momba ny fandoavam-bola isanisany ataon'ny Mpisambotra amin'ny alalan'ny Kaonty Manokana dia omen'ny Mpisambotra ny Fikambanana, amin'ny fotoana izay feran'ny Fikambanana araka ny tokony ho izy, ny tahirin-draharaha rehetra sy ny singan-taratasy hafa izay azon'ny Fikambanana angatahina tsotra fotsiny izao manamarina fa izany fandoavam-bola izany dia atao manokana ihany mikasika ny fandaniahana nahazoan-dàlana.**

**5. Na eo aza ny fepetra voalazan'ny andalana 3 amin'izao Tovana izao, ny Fikambanana dia tsy voatery hanao fametraham-bola vaovao ao amin'ny Kaonty Manokana raha vao nitranga ny iray amin'ireto toejavamisy manaraka ireto :**

**a) Ny Fikambanana dia mamaritra fa ny Mpisambotra dia tokony hisarika avy hatrany izay rehetra tontalim-bola vaovao ao amin'ny**

**Kaonty momba ny Fampisamboram-bola araka ny fepetra voalazan'ny Andininy faha-V ao amin'ny Fepetra Ankapobe sy ny andalana (a) amin'ny Sokajy 2.02 amin'izao Fifanarahana izao ;**

**b) Ny Mpisambotra tsy nanome ny Fikambanana, tao anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny Sokajy 4.01 (b) (ii) amin'izao Fifanarahana izao, ny iray amin'ireo tatitra momba ny “ audit ” izay tokony ho dinihan'ny Fikambanana araka ny voalazan'izany sokajy izany mba hanaovana ny “ audit ” momba ny Kaonty sy ny bokim-bolan'ny Kaonty Manokana ;**

**c) Nampahafantarin'ny Fikambanana ny Mpisambotra ny faniriany hampiato manontolo na amin'ampahany ihany ny zon'ny Mpisambotra hanao fisariham-bola amin'ny Kaonty momba ny Fampisamboram-bola araka ny fepetra voalazan'ny Sokajy 6.02 ao amin'ny Fepetra Ankapobe ; na**

**d) Ny tontaliben'ny vola tsy nalaina tao amin'ny Fampisamboram-bola voatokana ho an'ny Sokajy ahazoan-dàlana, analana ny tontalim-bidin'ny fandraiketam-pandaniana manokana rehetra ataon'ny Fikambanana araka ny voalazan'ny Sokajy 5.02 ao amin'ny Fepetra Ankapobe amin'ny Tetikasa, dia misanda avo roa heny amin'ny Tetin'ny tontalim-bola Ahazoan-dàlana.**

**6. a) Raha heverin'ny Fikambanana na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona fa izay rehetra fanefam-bola amin'ny alalan'ny Kaonty Manokana dia : i) natao handoavana ny fandaniana na ny tetibidiny tsy nahazoan-dàlana araka ny fepetra voalazan'ny andalana 2 amin'izao Tovana izao ; na ii) tsy voamarin'ny singan-taratasy nomena ny Fikambanana, ny Mpisambotra, raha vao nampahafantarin'ny Fikambanana dia : A) manome ny singan-taratasy fanampiny rehetra izay azon'ny Fikambanana angatahina ; na B) mametraka ao amin'ny Kaonty Manokana (na, raha mangataka izany ny Fikambanana, manonitra amin'ny Fikambanana) ny vola mitovy sanda amin'io , na amin'ampahany amin'izany loavola izany, izay tsy ahazoan-dàlana na tsy voamarina. Afa-tsy raha hafa no ifanarahana amin'ny Fikambanana, ny Fikambanana dia tsy handrotsaka petra-bola vaovao mihitsy ao amin'ny Kaonty Manokana raha tsy nanome izany singan-taratasy fanamarinana , na nandrotsaka ny petra-bola na fanoneram-bola izany ny Mpisambotra, arakaraka ny fisehoan-javatra.**

**c) Raha heverin'ny Fikambanana na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona fa tsy ilaina ny fisian'ambim-bola rehetra ao**

**amin'ny Kaonty Manokana hoenti-manefa ny hafa amin'ny fandaniahana ahazoan-dàlana, ny Mpisambotra, raha vao nampahafantarina amin'ny Fikambanana, dia manonitra izany ambiny voalaza izany amin'ny Fikambanana.**

**d) Ny Mpisambotra dia afaka, rahefa nisy ny fampahafantarana avy amin'ny Fikambanana, manonitra amin'ny Fikambanana ny manontolo na ny ampahany amin'ny tahirin'ny petra-bola ao amin'ny Kaonty Manokana.**

**e) Ny fanoneram-bola amin'ny Fikambanana atao araka ny andalana 6 (a), (b) ary (d) amin'izao Tovana izao dia arotsaka ao amin'ny Kaonty momba ny Fampisamboram-bola ka hosarihana amin'ny manaraka na ho foanana araka ny fepetra nifanaraka amin'izao Fifanarahana izao, anatin'izany ny voasoritry ny Fepetra Ankapobe**